



REPUBLIKANY MADAGASIKARA
Fivavaha - Fandrosoana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPAHAFANTARANA

Hoan'Atoa

PRAMINISITRA Lehiben'ny Governemanta

Ramatoa sy Andriamatoa Minisitra isany

Atoa Sekreteram-panjakana,

Antony : FANDRAKOFAN'ALA an'i MADAGASIKARA

Nihena 45% tao anatin'ny 60 taona ny faritr'ala misy eto Madagasikara araka ny fanadihadiana ireo mpikaroka ao anatin'ny UPR Forêts et Sociétés an'i CIRAD nivoaka tanaty gazety boky « Biological Conservation », milaza ny faharavan'ny ala eto Madagasikara. Ny taona 2005 no mankaty dia vao maika niroborobo izany fanimbana ny ala izany ka mahatratra 100.000 ha (Iray hetsy hektara) isantaona ny ala rava eto amintsika. Mirefy 8.6 tapitrisa ha sisa no misy ala voajanahary fa saingy mizarazara be izany tsy toy ny teo aloha izay ahitana ilay atao hoe ala matevina.

Ny fanadihadiana ihany koa no nahafantarana fa mitahiry gazy karbonika 20 ka hatramin'ny 50 avo heny ny ala, ka ny fandravana ny ala dia manaparitaka ireo entona manimba ny tontolo iainana ka mitarika ny fiakaran'ny marimpana. Ireo rehetra ireo no mitarika ihany koa ny faharavan'ireo zavaman'aina sy zavamaniry isankarazany, no handrefesana ny faharavan'ny tontolo iainana miteraka ireny tondradrano goavana, tany mihotsaka, haintany ary koa ireo karazan'aretina manimba ny fiainam-piarahamonina ary miteraka olan aara-toe-karena ihany koa.

Eto amintsika dia mitombo isan'andro faharavan'ny ala ary voakasika amin'izany avokoa ireo faritr'ala rehetra na ny ala mando any atsinanana, na ny ala maina any andrefana, na ny alantsilo any atsimo, na ny ala any atsimo atsinanana, na ny ala tapia, na ny ala honko na ihany koa ireo ala novolena. Ireo rehetra ireo no mitarika ireny fihotsahan'ny tany sy fahapotehan'ny alanjavaboary hatrany amin'ny 75%.

Rava ny tontolo iainana eto amintsika, mila mandray fepetra entitra isika mianakavy ary miainga avy amin'ny fanapahankevitra politika apetrantsika izany, koa izay no nanapahako fa tsy maintsy hamboly zanakazo anatina velarantany mirefy 40.000 ha (4 alina hektara) isantaona isika manomboka amin'ity taona ity mba hamerenana indray an'i Madagasikara ho Nosy maintso mavana. Efa noresahako tao anaty velirano izany ary napetrantsika ao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana.

Ny lohahevitra apetrantsika amin'ity taona ity dia ny hoe : « Ho rakotra Ala i Madagasikara ! », izany no natao dia mba hitsinjovana ny taranaka ao aoriana mba ho Nosy mahatehonina sy mahafinaritra i Madagasikara.

Fomba telo no entintsika manatanteraka izany fandrakofana ala an'i Madagasikara izany :

*Voalohany ny fambolenkazo miisa 500 ka hatramin'ny 1.000 fototra isaky ny hektara,

* Ny famafazana voa ireo toerana natokana hambolenkazo

* Ary ny fampiasana ny drône hamafazana voa ireo faritra sarodàlana nefa ilaina fambolenkazo, izay tsy maintsy mbola arahina teknika manokana mba hampatevina ireo ala vao hovelena sy hohajariana (dépressage).

Ireo faritr'ala arovana ihany koa dia mila ampitomboina ; ary indrindra ireo faritr'ala any Sofia, any Menabe, any Atsinanana any Matsiatra ambony, ireo tanim-panjakana, ireo toerana iasan'ny orinasa Fanalamanga dia tsy maintsy volena hazo sy hanaovana hetsika manokana entina mandrakotra ala ny Nosintsika.

Hoentina manatanteraka izany dia ireto avy ny fepetra apetraka :

- Tsy maintsy atao ny fambolenkazo faobe ataon'ireo mpianatra sy ny tafika malagasy isantaona, olona miisa 6 tapitrisa no tokony hanatanteraka izany.
- Tsy maintsy ampiroboroboana ny fampiasana akoranafo toy ny Ethanol, ny fampiroboroboana ireo orinasa manao asa hazo tsotra toy ny pins ary koa ny fanasongadinana ireo asa manodidina ny tevy ala toy ny fikajiana sy fikoloana ny ala na ny « sylviculture », ny famokarana ditinkazo na « résines », ary ny famokarana olatra na « champignons » ;
- Ny fanamafisana ny fiarovana ny fananantany (sécurisation foncière) ;
- Ny fandrindrana ireo fifindramonina manodidina ireo faritr'ala voaaro;
- Ady amin'ny fanimbana sy fanondranana antsokosoko ny harempirenena ireo zavaboary sy zavamanan'aina;
- Ady amin'ny dorotanety ary koa ny fametrahana ny Label Vert.

Ny Silo National des Graines Forestières (SNGF), na ny orinasa mpanokatra voa natokana hoan'ny ala, ireo mpamokatra zanakazo na miankina na tsia amin'ny fanjakana ankehitriny dia tsapa tsy afaka mahafeno ireo filana hoenti-mandrakotra ala an'i Madagasikara. Noho izany tsy maintsy hisy ny fanarafana avy any ivelany ireo voa na ihany koa ireo zanakazo avy any ivelany ahafantsika manenjika ilay fandrakofana anatina velarantany mirefy 40.000 ha (4 hetsy hektara). Hisy ihany koa ny fanaovana fikarohana anaty laboratoara hoentina mampitombo sy manaparitaka ny zanakazo hipaka hatrany amin'ny faritra. Tokony atao ihany koa ny fanaparahana ireo hazo haingampaniry toy ny paulownia na pinus Kesiya, ny Bambou (tetikasa INBAR) na ny kesika nohatsaraina (eucalyptus hybride) izay ataon'ny Fanalamanga.

Tetibola mitentina 2.5 lavitrisa ariary (2.5milliard) izay voasoratra ao anaty PIP 2019 no nomena ny Ministeran'ny Tontolo iainana hoentin'izy ireo miady amin'ny dorotanety sy ny fandrakofana ala ny faritra isanisany. Tokony ho hita

taratra amin'ny alalan'io tetibola io ny asa rehetra sy ny tsioka vaovao entina mamerina sy mandrakotr'ala ny Nosintsika. Ilaina noho izany ny fanentanana ny rehetra tsy ankanavaka hikajy ny ala, hiady amin'ny dorotanety, hikajy ireo valanjavaboahary, hitsinjo indrindra ny hoavy araka ilay voalaza hoe : ny Hazo volena anieo no hialokafofana rahatrizay. Ny rehetra tsy hanavahana na mpandraharaha, na mpianatra, na olompirenena tsotra, na orinasa miasa amin'ny tevy ala, na ny vondrona itsinjarampahefana isantokony, na ny faritra na ny Kaominina, na ny antoko politika na ny mpiasampanjakana, ireo rehetra mahatsiaro ho tompon'ity firenena ity dia tokony hoentanina ary tokony handray andraikitra sy handray anjara mavitrika amin'ny famerenana ireo ala eto Madagasikara ka hahatanteraka io politika sy tanjona napetrantsika io dia ny hoe : « Ho rakotra ala i Madagasikara ! »

Tsy hoe mamboly hazo iray fotsiny anefa no andrasana amintsika rehetra voalaza ireo fa ny fikajiana, ny fikolokoloana, ny fitandroana ireo faritr'ala sy ny ala, ny fanabeazana, ny fiadiana amin'ny fanimbana ny tontolo iainana ireo no miandry antsika tsy ankanavaka mba ho Nosy mahatehonina sy mahafinaritra ary azo iainana tsara i Madagasikara, ka hovitantsika miaraka ny fandrakofana ala ny tanintsika.

Andriamatoa Praiminisitra lehiben'ny Goverenemanta, ireo minisitra, atoa Sekreterampanjakana, raiso ny andraikitra napetrako aminareo ary hampiaro ireo fepetra rehetra ilaina tsy hanavahana na iza na iza hiarovantsika ny ala sy ny firenentsika ary hahatanteraka ny fandrakofana ala indray an'i Madagasikara.

Natao androany 27 Febroary 2019

Ny filohan'ny Repoblika
Andry Rajoelina